

28 aprily 2010

Le 14 Iyar 5770.

## Tafintohina?

**« Ary amin'izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra. Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra! »** (Matio 10:32,33)

Rehefa ho tapitra ny fiaraha-misakafo tao amin'ny efitra ambony dia fantatry ny Mpamonjy fa manakaiky ilay fotoana fanapahan-kevitra ny momba ny fiainany teto antany...Fa alina iray mitovy tamin'ny alina hafa rehetra ihany izany tamin'ny ireo mpianatra. Somary mangatsiatsiaka kely angamba. Azo inoana mihitsy. Ny ampitso dia hitonon-tena ho Mpanjakan'ilay firenena kely ny Mpampianatra azy ireo. Na tsy izany aza dia mbola manana fotoana ihany izy. Vao telo taona mahery kely fotsiny mantsy no nisehoany teo amin'ny vahoaka .

Tsy takatry ny sain'ny mpianatra fa io alina io no hotapahina eo ambany fanatrehan'izy ireo ny hoavin'ity izao tontolo izao ity. Tsy nanonofy akory ry zareo fa teo amoron'ny mandrakizay anankiroa ny fizotram-piainany. ( Hanao ahoana ny fanandramana handalovantsika raha hosokafana eo anatrehantsika ny boky ka iverenana ireo fotoana nandraisana fanapahan-kevitra teo amin'ny fifandraisan-tsika amin'Andriamanitra! Angamba ny ho avy mandrakizain-tsika dia notapahina teo amin'ny fotoana maizina tamin'ny fiainantsika!)

Fantatr'i Jésozy fa tsy voaomana hatrika ny tafiotra hianjady eo ambony lohany ireo mpianany, ka dia nanandrana hanomana azy ireo tamin'izany izy fitsapàna izany izy. Ary hoy indrindra Izy taminy : **«Hianareo rehetra dia ho tafintohina noho ny amiko anio alina...»** (Matio 26: 31) Ny teny grika izay navadika hoe « tafintohina » na koa « voafitaka » dia mitovy amin'ny hoe « afa-baraka ». Naka ny Soratra Masina Jésozy mba hanazavàna amin'ny mpianany fa hilaozan'izy ireo izy. Nampitandrina azy ireo tao amin'ny fahamoram-pony lehibe Jesosy fa ny fizotram-piainany mandrakizay dia voakasika ary hanisy marika eo aminy io fitsapàna io. Raha tsy vonona hisetra fahafaham-baràka izy ireo, ahoana no hiatrehany ny tolona hianjady amin'ny fanahiny?

Noho izany, inona no mety azo hatao? Aoka isika hametraka fanontaniana lalina ao ampon-tsika ao. Matetika no manome vahana ny raharahan'izao tontolo izao isika raha manome lanja ny hevitra ny hafa ka tsy mieritreritra ny vokatry mandrakizain'ny asa hataontsika. Matahotra izay mety hoeritreretin'ny olona isika ka tsy manaraka an'Andriamanitra hanao ny marina.

Ho an'ireo mpianatra sasany, io fitsoahana tamin'io alina io dia tsy nitohy. Ny fandàvan'i Petera dia tamin'ny fomba feno ka nahavao lalina azy . Toy izany koa no nanjo an'i Jodasy. Rehefa niverina tanteraka tamin'ny Tompo i Petera taty aoriana dia teo amoron-tevana ihany izy, tokony tsy ho tafintohina izy tamin'io alina io; iray ihany no azo ianteherana eo amin'ny toe-javatra toy izany dia Jesosy. Aoka tsy ho menatra an'i Jesosy isika eo anatrehan'ny olona satria Izy no Mpamonjy sy Tompo.

